



Aretim-bary ateraky ny bakteria

TANDREMO ! Ireo aretina vaovao ireo dia mety hiparitaka haingana sy hiteraka fahaverezam-bokatra : AMPIO IZAHAY amin'ny FITSIRIHINA - HIFANAMPY ISIKA amin'ny FITADIAVANA PAIK'ADY HIALANA na HAMERANA ny VOKA-DRATSY aterak'ireo aretina ireo

Hianaro sy Fantaro ary ireo aretina ireo

➤ **Malazo ravina vokatry ny bakteria na *Bacterial Leaf Blight (BLB)***

Toerana voakasika : Antsirabe, Ivory et Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)



Soritr'aretina : manopy mavo hatramin'ny fotsy na volondavenina ny lokon'ny ravina marary

Fisian'ny **piti-drano miloko mavo**

➤ **Tsipika amin'ny ravina afitsoky ny bakteria na *Bacterial Leaf Streak (BLS)***

Toerana voakasika : Ivory et Morafeno (taom-pambolena 2019-2020)



Soritr'aretina : Tsipika lavalava sy tanteram-pahazavana miloko maitso ary miofo mavomena ny ravina marary

Fisiana **tsiranoka marihitra**

Paik'ady hisorohana ny aretina



**Mampiasà
masomboly salama**



**Esory avokoa ireo mololo eo
amin'ny toerana izay nahitana
soritr'aretina**



**Esory avokoa ireo ahi-
dratsy mety iveloman'ny
bakteria**



**Sasao madio amin'ny savony
ireo fitaovam-pambolena avy
nampiasana**

Mila ny Fiaraha-mientana

✓ **Ny fifanankalozam-baovao (tranga, toerana voakasika, fiparitahan'ireo aretina sns.)** dia tena ilaina mba ahafahana manaraka sy mamantatra ny valan'aretina ary mandrindra ny paik'ady hiarovana amin'ireo aretina ireo

→ **ILAZAO haingana ireo teknisianina na mpanentana aram-pambolena** akaiky indrindra raha mahita soritr'aretina izay voalaza etsy ambony na tranga mampiahiahy amin'ny vary